
# Torolalana atolotr'ireo Japoney

## Hanatsarana ny fiainana andavan'andro, antoky ny fandrosoana

## Seikatsu Kaizen



Min Agri


Seikatsu Kaizen

JICA


# Sasin-teny


Ny Hetsika Seikatsu Kaizen na hetsika fanatsarana ny fiainana dia hetsika iray hanatsarana ny tontolo ambanivohitra miankina amin'ny singa 3 :


1- Fampitovin-danja ny farimpiainana sy ny famokarana
2- Fahaleovantena amin'ny fitadiavana vahaolana amin'ny alalan'ny akora misy eo an-toerana, tsy miandry fanampiana avy any ivelany
3- Fitadiavana sy fitrandrahana ny fisian'ny tolotra misy eo an-toerana mba ampiroboroboana hatrany ny tetikasa fanatsarana ny fiainana.




Dingana voalohany amin'ny Seikatsu Kaizen: Fantaro ny olana sy ny fототry ny olana


TAMPOKA TEO ...
?!
?!
AHOANA IZAY? IZA IANAO?
TOA VAHINY IANAO FA TSY MALAGASY?
JAPANA
MADAGASIKARA
MANAO AHOANA IANAREO RY ANDRY SY RASOA? HENOKO NY TARAINANAREO. TONGA HANAMPY ANAREO AHO!
TOA FANTATRAO IZAHAY?
?
?
?
?



LAVITRA SY NAMIZAKA NY DIAKO SAINGY FALYAHO TONGA ATO AMINAREO !
SEIKAI SAN NO ANARAKO !
Japana + SEIKATSU KAIZEN = Firenena fahatelo matanjaka indrindra eran- tany
TONGA HIZARA AMINAREO NY TRAIKEFAKO AHO. TSY INONA FA NY HETSIKA SEIKATSU KAIZEN IZAY NAHASOA AHY SY NY JAPONEY MPIRAY TANINDRAZANA AMIKO
HETSIKA SEIKATSU KAIZEN HOE ???
IZAY TOKOA !!!




Dingana voalohany amin'ny Seikatsu Kaizen: Fantaro ny olana sy ny fototry ny olana




Azo ampiharin'ny rehetra ny Seikatsu Kaizen, rehefa eo ny finiavana satria zava-misy eo am-pelatanana no iaingana.
Ialao ny fandaniam-poana sy be loatra (MUDA-MURA-MURI) manakana ny fandrosoana, na dia ny fombandrazana aza. Arindra ny fitantanana.






Mila fizarana ny fitadiavana vahaolana, isaky ny tojo olana. Ary satria tsy misy ny tonga lafatra, ilaina ny fanatsarana mitohy.


TAHAKA IZAO VE ?
ANDRAMO AMIN' IZAY HOE !



MITSITSY TOKOA ITY FATANA ITY SAINGY VAKIVAKY SAHADY !
ANDAO INDRAY HITADY HEVITRA
lavenona
tany ravo
tany mena
tany mainty
mololo
KAMADO NO ANARAN' IO ANY AMINAY
TSARA SY MAFY KOKOA IZY IZANY SEIKAI SAN !
AY AY ! MAHARARY NY LAMOSIKO MIONDRIKA ETO !!!
NOHATSARAINA INDRAY ILAY FATANA
IZAY AHAY !


ANDRO HAFA TATY AORIANA
AY! AY ! AY ! NENY A MARARY AHO NENY A! MANGOTIKA BE NY KIBOKO MARARY AHO NENY A
EFA NIHINAM-PANAFODY IANAO E! EFA HO SITRANA
MISY INONA NO HENO HATRANY IVELANY I BEMA E?
MARARY NY KIBONY! MISY VALAN'ARETINA ANGAMBA FA NISY ZAZA MATY TERY AM-PITA ANDREFANA TERY
MAHAMAY IZY IZANY
ITY RANO ATSAKAINA AN-DRENIRANO ITY NO MANKARARY KIBO ANTSIKA
LAVADRANO IZAO NO VAHAOLANA NEFA LAFO SADY BE TEKNIKA NY FANAMBOARANA AZY !




Misy ny “asa vadi-drano tsy vita raha tsy ifanakonana”. Ahavitana zavatra lehibe ny fiarahamientana.


TAFAVERINA RASOA...
MIOMBON-KEVITRA AMINTSIKA IZAHAY VEHIVAVY ETO AN-TANANA. HANDRESY LAHATRA NY VADINY AVY IZAHAY E
TSARA IZANY
HIRESAKA AMIN'NY VATAN-DEHILAHY INDRAY AHO. HO JEREKO ENYAN-TSAHA RIZAREO !
RAIKITRA NY RESAKA...
EKENA E
TENA ILAINA IO KA
TOHANAKO NY HEVITRA E
DODONA I ANDRY HILAZA NY VAOVAO AMIN'NY ANY AN-TRANO ...
NY VATAN-DEHILAHY IHANY NO NANDAVAKA. NAKA TEKNISIANINA KOSA HANDRAFITRA NY LAVADRANO. ELA NY ELA NAHAZO RANO MADIO AMBOHIBE





Misy fahazarana sy nentin-drazana tokony ihoarana, mba hahatongavana amin'ny tsara kokoa.




"Ny hevitry ny maro mahataka-davitra". Ifampiresaho ny olana, sy ny traikefa. Aza mijanona mitady vahaolana.



NIKATROKA NY NAHANDRO VAOVAO RASOA NONY TATY AN-TRANO...
MINO AHO FA HO TIANAREO AMIN' IZAY NY SAKAFO RANKIZY !
NAZOTO HOMANA NY MPIANAKAVY
TIAKO BE NENY A
MBOLA AMPIO
HAFA TOKOA IZY IZANY
MIAM !
TAHAKA NY KAMADO IHANY IO. MIEZAKA HATRANY MANATSARA ARY SAHY MAKA HEVITRA AMIN' NY HAFA FA NY HEVITRY NY MARO MAHATAKA- DAVITRA


LASA MAZOTO MIADY HEVITRA I RASOA...
MANANTONA REITSY NYMPANENTANA ARA-TSAKAFO A !
MASAKA E !
MIAM ! TSARA BE NOHO ILAY TAMIN'NY FARANY INY ITY RY NENY A !
NAMPIAKO ANANA SY TSIRO HAFA INDRAY IO E !
HAINAO MIHITSY NY MANAO AZY KA




VOKATRA NY MANGA ETO AMBOHIBE
TSY LANY VETIVETY IRETO IZY !
LO AM-PITOERANA ETO FOTSINY IRETO MANGA IRETO FA INONA NO HEVITRA ?
MBA MANARAM- PO ALOHA MIHINANA FA ANGAHA IREO HITA ATAO AHOANA E !
ARY RAHA HAMAININA MOA ?
ANDRASO HO TETEHIKO LAVALAVA IRETO DIA HAELIKO DE HO HITA EO NY VOKANY


INONA IREO RY NENY ?
MANGA NOTETEHINA IREO !
NANDRAMANA NY VOKATRA...
MAMY TSARA KOSA. HO TIAN'NY ANKIZY IRETO
AZO AMIDY IHANY KOA
RESY LAHATRA IREO VONDROM-BEHIVAVY KA ROBOKA IHANY KOA NIKARAKARA MANGA MAINA
ARY NIVAROTRA NY VOKATRA HO FIDIRAM-BOLA FANAMPINY
MIVIDIANA BE DIA BE NENY A



BETSAKA MPIVIDY MANDALO ETO. NAHALAFO BETSAKA ISIKA !
TSY NOERITRERETIKO HO FIDIRAM-BOLA ITY MANGA ITY RAHA HAMAININA
GAGA SADY FALY NY VADIKO AMIN'NY VOLA AZOKO SY ENTIKO MODY...
TSY VERY FOTOANA INTSONY AHO ANKEHITRINY !
DIA NIDINIKA NY VOKATRA VAOVAO HAFA IRETO VONDROM-BEHIVAVY ETO AMBOHIBE
EKA
METY IZANY !



TONGA NY FARARANO
TSARA NY VOKA-BARY TAMIN' ITY INDRAY MITORAKA ITY SEIKAI SAN !
NIHENA NY FANDANIANA KITAY. AFAKA NAMIDY MASOMBOLY NY VOLA VOANGONA !
AFAKA NIVIDY ZEZIKA TAMIN'NY VOLA AZON-DRASOA TAMIN'NY VAROTRA MANGA MAINA IZAHAY !
ZEZIKA N P K
ZEZIKA N P K
ZEZIKA N P K
ZEZIKA N P K
ZEZIK BIO
SALAMA NY ANKIZY HATRAMIN' IZAY NAMPIASANA LAVA DRANO IZAY. TSY LANY VOLA MIVIDY FANAFODY !
MANAM-POTOANA HANAOVANA ASA AMAN-DRAHARAHA RAMATOA. TSY LANY ANDRO MATSAKA LAVITRA INTSONY



IZAHO ANGE EFA ELA NO MPANENTANA SEIKATSU KAIZEN E !
SEIKAI SAN NO FIANTSO ANAY
TOY IZAO ANAREO IZAO NY FIAINAKO FONY FAHAZAZA
TSY MAMPINO
VAO MIRESAKA AN' I JAPANA DIA HOE FIRENENA MATANJAKA SY MANANA TEKNOLOJIA AVO LENTA
FA SAHIRANA IZAHAY TALOHA. NY TANTSAHA NO TENA NIJALY: BONGO MASON'NY SETROKA KITAY...
RERAKA MANDEHA MATSAKA LAVITRA





Fanatsarana miaraka ny Fiainana sy ny Famokarana no tanjon'ny Seikatsu Kaizen.


FA MANINONA NO VEHIVAVY? ATY AMINAY ANEFA SAIKA LEHILAHY NY ANKAMAROAN' NY MPANENTANA
VITSY NY LEHILAHY TAMIN'IZANY FOTOANA IZANY FA RIPAKY NY ADY LEHIBE FAHAROA. ARY NY VEHIVAVY TAO AN-TOKATRANO JAPONEY TSY MBA AFAKA NANEHO HEVITRA LOATRA. MAHOMBY KOKOA RAHA NY VEHIVAVY NO MANENTANA NY VEHIVAVY SAHALA AMINY
NAHOMBY TOKOA NY ASA ARY VETIVETY DIA NIVOATRA IREO VEHIVAVY TANTSHA
NIORIM-PAKA TATO AMINAY JAPOPNEY NY HETSIKA SEIKATSU KAIZEN.VETIVETY DIA NANDROSO I JAPANA. NY ORIN'ASA TOYOTA FANTA-DAZA ERAN-TANY AMIN'NY FAMOKARANA FIARA DIA ISAN' NAMPIHATRA AN'IZANYARY BETSAKA NY ORINASA NANAHAKA AZY
EEEE ! FAHATSIAROVANA SISA IREO FOTOANA IZAY NAMANGIAKO VEHIVAVY MARO TAMIN'NY BISIKILETA ! HMMM
LASA LAVITRA NY DIANAO TAMIN' NY BISIKILETA FA TONGA MAMANGY ANAY IANAO



NIHATSARA SY MANDROSO TSIKELI KELY NY FIAINAN' I ANDRY MIANAKAVY
SOA IHANY IZAHAY FA NIHAONA TAMINAO RAMATOA SEIKAI SAN ! MAHAGAGA IREO BITSIKAO
NY EZAKA NATAONAREO IHANY NO NITONDRA FAHOMBIAZANA. NY HETSIKA SEIKATSU KAIZEN DIA TSY TEKNIKA AKORY FA FIOVANA TOE-TSAINA HO TIA KAROKAROKA. MIAINGA AMIN' IZAY ANANANA NO HATSARAINA HATRANY





Tsy fampitàna teknika fotsiny ny Seikatsu kaizen, fa famolavolana toe-tsaina ho tia karokaroka sy fanavaozana.


SEIKAI SAN !
ETO JAPANA ISIKA. ATO AN-TRANON' I SEIKAI SAN
TANTERAKA NY IRAKA FARANY. ANKEHITRINY HANDAO ITY TANY ITY AM-PIADANANA AHO
INDRO TONGA MITSENA AHY NY VADY MALALAKO EFA NIALOHA LALANA AHY. MISAOTRA ANAREO AHO. VELOMA !


HATRAMIN' NY ANKIZY IZAO ETO AMBOHIBE NO TIA KAROKAROKA, MANATSARA NY KILALAON' IZY IREO ANDAVANANDRO...
KOBARA INDRAY LEITSY NO ATAONTSIKA FA MANKALEO NY BAOLINA A
NY AHY RY IRETO, TRANO FAMAKIAM-BOKY NO MBA IRIKO HISY ETO AN-TANANA
NDEHANA ANTSOY NY ANKIZY HANAO KOBARA RY SOA A
MANINONA RAHA MANAMBOATRA KILALAO HAFA MIHITSY E, SODINA NA APONGA NA KABAOSY E
MBOLA ZAVATRA LAVITRA LEITSY IZANY A
RAHA TSY MAZOTO KOBARA IALAHY ARY DIA NDAO HANAO KATRO NA MANDEHA MANJONO E
ALEO ARY ALOHA KOBARA NO ATAO E




Mampikatso ny famahana olana ny fiandrasana sy fianteherana amin'ny zavatra tsy eo am-pelatanana.


MARINA IZANY ! IZAO NO HEVITRO. MIRONGATRA NY PESTA KA TSARA RAHA MANADIO TANANA ISIKA. ATAO TANA-MARO FOTSINY IO DIA VITA
IZAY MIHITSY !
TSISY FANDANIAM-BOLA IZAO IZANY FA SAMY MITONDRA KIFAFA SY ANGADY HISOROHANA D'EFA AFAKA MIASA IANAREO !
MITSIMOKA ETO MAHASOA NY HETSIKA SEIKATSU KAIZEN...
TAMIN' NY ALALAN' NY FANADIOVANA FAOBE NO NANOMBOHAN' IZANY

Madagascar

Agence Japonaise de Coopération Internationale

**Adresse :** Villa Pradon N°32, Lot IV G 203 Rue Rainizanabololona, Antanimena, 101 Antananarivo,

**Tél. :** (261) 20 22 300 13

**E-mail :** jicamr-ad@jica.go.jp